

**MUSÉE D'ART ET D'ARCHÉOLOGIE DE L'UNIVERSITÉ  
DE MADAGASCAR**

**TRAVAUX ET DOCUMENTS  
XVI**

**Série Traditions Orales**

Antoine MAMPITOVY III

**TANTARAN-DRAZANA ZAFISORO**

**MUSÉE - 17, rue du Dr Villette, Isoraka, Tananarive**

**1975**

TENY FANOLORANA

Ity ampamaky hazajaina,

Amin'izao andro "FIVORANA" sy tena ijoroan'ny fahafahana iainantsika amin'ny rivo-baovao eo ambany elatry ny firaisana sy fifankatiavana tanteraka ary firahalahiana tsy misy avakavaka izao, dia mahafaly anay ny manolotra ity tantara ity izay tsy mbola niseho teto amin'ny tantaran'i ADAGASERANA hatramin'izay.

Ity tantara ity dia milazalaza ny momba ny foko ZAFISORO, ny fifindr'ny monina, ny fiainpiainany, ny fombafombany ary ny toe-tsaiky izay irinay ho fantatry ny taronaka fara-mandimby ary inoanay fa hisy lanjany sy endriny izay mioriana indrindra amin'ny HAFI-PITOLALANA sy ny toetr'andro antehitriny.

Ary farany, ry kahalaby sy Anabavy Malagasy, efa tabaka ny tetra soriana ihany anefa ny fanoloranay azy ity noho ny antony maro saingy hafa ka dia ielanay tsiny mialoha.

Dia mirary fahafinaretana tanteraka ho anareo izahay.

MISAOTRA TOFOKOLANY SY TOFOKOVAVY.



Ity ampamatra :

Antoine MARPITOVY - III

Zanak'i Tatomarokesika

Zanak'i Marpitovy I

Zanak'i Bereoky

Zanak'i Mahavorimana

Zanak'i Mahasaka

Taranak'i Mahafobe

Zanak'i SOLCHADY izay hazambeny.



## TANTARANAN-REAZANA ZAFISORO.

My atao hoe : Zafisoro na Zafinisoro dia ny taranak'i **SORONADY** izay tsy nisy olon-kafa fa irey nihavianana. Io anarana io dia milaza fa lehilahy tia ady fony kely ary nanao sorona ny tenany tamin'izay ady natrehiny izy sady tsy nianboho fahavalalo mihitsy.

Foko Antandroy-mahafaly no nihaviany. Nanambady telo izy izay niterahany zazalahy roa tsirairay avy, mety ho nan-n-janakavavy ihany koa izy, nefa noho ity tentara ity tsy voasoratra hatrany ampiandohan'ny dia noheverina ho toy ny tsy niteraka sasavavy ireo vadiny telo ireo.

Ireto avy ny anaran'izy enin-dahy isan-diteniny :

1<sup>o</sup> Zanaky ny vadibe : **KANOTRINNY**, izay niandohan'ny foko Antekaraoka,  
**KANOLAKRE**, izay niandohan'ny foko Marovata.

2<sup>o</sup> Zanaky ny vadiaivo : **KETSISO**, izay niandohan'ny foko Zazalava,  
**KAVOANGY**, izay niandohan'ny foko Zafinandroy.

3<sup>o</sup> Zanaky ny vady fahatelo : **KARAFORBE**, izay niandohan'ny foko Lohanosy,  
**LONA**, faralahy, izay niandohan'ny foko Antalapotsy.

Izany no nahatonga ny fiteny ankehitriny hoe : Zafisoro telo troky na Zafinisoronady telo beny (1), satria telo ny troky (kibo) nisy azy na ny beny niteraka azy.

## FIFINDRA-LOHINA :

Raha niala tany Androy i Soronady fito mianaka mbamin'ny vady aman-janak' izy ireo dia tany amin'ny faritany atsimo any no nifindrany voalohany ary nipetraka tao Maropaika, Vohipataka, Distriken'i Midongy Atsimo tamin'ny taon-jato faha-15 tany ho any. Niala tao izy dia nifindra tao Anapaho, faritanin'i Vondrozo izay omen'ny foko atao hoe : **Hovalahy** ankehitriny.

Tao anoloan'izany fifindrafindrana izany ka niamaro ny taranak'i Soronady dia sany naka vady tamin'ny zanakavavin'ny mpiara-monina taminy ny zanany lahy rehetra, ny zanakalahin'ny mpiara-monina taminy kosa etsy andaniny nampetra ho vady ny zanany vavy rehetra tsy nisy avakavaka, ary maribina fa i **MAVANA BITRINNY** mirakavavy, tar naka avy amin-ditaholombe dia nanambady tamin'ny foko Sahafatra, izy roa vavy ireo no niandohan'ny ankamaroan'ny foko Zafindravala, Zafimarosoa, Antevato-be ary izany no anton'ny nakan'ny Zafisoro an'i Andriza avy amin'ny foko Antevato-be ho mpimasiny sy mbola itohizan'ny fihavanan'izy ireo mandrak'androany.

Tao anatin'ny taona maro nipetrahan'ny Zafisoro tamin'ireo faritany maro nifindrafindran'ny ireo dia tsy nisy fotsy nono (2) intsony ny taranany noho izy tsy nanevakavaka na nitety firazanan'olona, hany ka nielimpatrana eran'iny faritra atsimon'ny Nosy iny ny taranany, dia ny Zafindrasono, ny Sakajija, ny Zafimananga, ny Nananivo, ny Antevia, ny Ranolava na Marolava, ny Andriabakara, na Babakara, ny Zafinahovaly sy ny mero hafa tsy voatonona eto izay avy amin'ny taranak'izy enin-dahy telo beny avokoa ny ankabeazany.

---

(1) foko na adika hoe : **CLAN**.

Afa-tsy ny foko RABENAVA (1), izay nanjaka tao amin'ny faritanina'i Vangaindrano, no zanak'Andriana avy amin'ny foko Sakalava, taranak'Andriamandresy, nefa marihina fa tsy nitondra vady avy any amin'ny taniny izy fa tamin'ireo taranak'i Soronady voalaza anarana ery ambony ireo no nakany vady sy nitomboan'ny taranany mandrak'ankehitriny.

TAGI-JATO Faha-16.

Tsy afa-po tamin'ny faritany atsimo tao izay nonenany nandritra ny taona maro anefa ny Zafisoro fa mbola lasa nifindra nianavaratra, tao Anakara andrefan'i Tangainony, ao amin'ny distrikan'i Farafangana, nefa tsy naharitra tao izy ireo fa nisy areti-mifindra izay nandringana olona marobe ary io tanàna Anakara nipetrahan'ny io no nataony fasana nandevenana ny maty rehetra tamin'izany fotoana izany, ary dia lasa nifindra nankany Lalona faritanin'i Fort-Carnot izy ireo sy nomina naharitra tao. Mbola ahitana taranaka Zafisoro maromaro koa io faritany io amin'izao andro iaintsika izao, ary izany no nahatonga ny Zafisoro sy ny Tanala ho mpijiva (2) hatramin'izao.

Miala tao indray izy ireo dia lasa nifindra tany amin'ny faritanin'i Vohigeno, Voasary sy Ambinanindrano no nitoerany.

Raha nitombo nihamaro tao izy ireo dia nahatsiaro an'Anakara, tanàna nonenany izay nanjery fasana nileveanan'ny hazany araka ny voalaza ery aloha, dia nana-pa-kevitra fa hiverina hanakaiky io toerana io. Dia nitodi-doha nianatsimo izy ireo, ny sasany tao Anakona, ny sasany tao Amporoforo ary ny sasany tao Raibolo. Raha tafaverina toy izany izy ireo dia mbola Anakara no nandevenana ny maty sy mbola andevenana mandrak'androany.

Misy ihany anefa foko vitsivitsy nipetraka tao tratry ny Zafisoro nefa tsy dia maro loatra, dia ny Betsileo izay tsy tamàna fa lasa niverina any amin'ny taniny, ny Sanatavy izay saika lany taranaka ary ny Antekity. Teorian'ny Antekity no nahatongovan'ny Zafisoro, nefa ny Antefasy telo troky (3) izay maro an'isa no tongoa-pitondrana tao, dia Andriandrafia, Andriamanalina ary Andriamamory.

Miara-nonina sy nana ny fanompoan-panjakana tamin'ireo efa tratrany tao aloha ny Zafisoro nandritra ny taona maromaro. Tao anatin'ny taona maro nipetrahan'ny tamin'io faritany io dia nisy olana teo amin'ny Zafisoro sy ny Antefasy izay niteraka ady an-trano tamin'izy roa tonta. Izany ady an-trano izany no nahatonga azy tsy nifanaraka intsony sy nampisara-toerana azy. Nefa marihina fa tsy dia olona sany hafa izy ireo fa efa nifamafah'ho tao ny taranany nandritra ny taona maro niarahany nomina ery mandrak'androany dia ny Zafinandroy avy amin'ny taranak'i Lavoaingy, zanak'i Soronady no mbola maro an'isa ao amin'ny zanak'Antefasy telo troky (4).

Teo anoloan'izany fisarahan-bazana izany, teorian'ny ady an-trano izay nitranga teo amin'ny Zafisoro sy ny Antefasy dia sany nonina tamin'ny faritra nisy azy avy izy roa tonta fa tsy nifampikasoka intsony (5), taon-jato faha-17 eo ho eo.

- 
- (1) Io no zanak'Andriana avy amin'ny foko Sakalava satria tsy tamin'ny alàlan'ny ady no nahazoany fanjakana fa tamin'ny alàlan'ny fihavanana.
  - (2) Mpifanahitia ara-belirano.
  - (3) Foko.
  - (4) Foko na Clan.
  - (5) Besy tantaraka ny Antefasy ary lasan'ny Zafisoro ny faritany manontolo.

NY FARITANY ZAFISORO ANKREHITRINY :

Ny faritany Zafisoro dia ao amin'ny Vakit-pileovan'i Faraf ngana, Provan-tsan'i Fianarantsoa ary voafaritray toy izao : Avaratra, ny faritany Antemoro, atsi-mo, ny faritany Sahavoay, atsinanana, ny faritany Antefasy ary andrefana ny faritany Tanalambolo.

NY MANAMPATRA AO AMIN'NY FARITANY.

Nisy renirano roa lehibe ao amin'ny faritany dia Manampatra sy Manambavà, ary io Manambavà io no tena mamakivaky azy avy ao amin'ny farany atsinanana ka hatrany amin'ny farany andrefana, fa Manampatra kosa manaraka ny sisiny atsimo. Ibola misy ihany koa renirano madinidinika vitsivitsy ao ankoatr'ireo voalaza ireo, dia Sahandovoka, Manapaza, Satambato, etc.

NY TENDROMBOHITRA AO AMIN'NY FARITANY.

Nisy tendrombohitra telo lehibe sy avo ao amin'ny faritany Zafisoro, dia Vohibato sy Ambohitrao ao amin'ny Canton-n'i Rahafasa ary Mognara ao amin'ny Canton-n'Evato. Manihina fa ao antampon'Ambohitrao dia misy fesen'olon-droa tsy fantetra.

NY ALA AO AMIN'NY FARITANY.

Toy ny ankamaroan'ny faritany eto Madagasikara, indrindra fa ny any amorontsiraka, dia misy ala telo lehibe koa ao amin'ny faritany Zafisoro, dia : Analalava, Taboloha ary Mbirihitra. Ibola ho hitantsika any boriana kely ny fomba fitantanana ny ala amin'io faritany io sy ny famaizana ampiarina amin'izay tratra manimba azy.

NY FOKO AO SY NY FITONJAKA-PANJAKANA.

Araka ny voalaza ery ampiandrohana moa dia tsy nisy fotsy nono intsony ny taranak'i Soronady nandritra ny taona maro sy ny fielezany fatrana eran'ny faritany rehetra nonenany, hany ka tafatsofoka tao amin'ny fianakaviany daholo ny foto 18 eto Madagasikara, nefa tsy very teo aminy ny mah-iray nihaviana azy, dia i Soronady rasan'ny izay niteraka azy enin-dahy telo Keny. Cantons telo izy (1), dia : 1/ Evato, 2/ Ambalatany, 3/ Rahafasa. (Io Canton-n'i Rahafasa io dia tao Tangainony izay vao naorina tamin'ny taona 1938 izay vao nafindra eo Rahafasa misy azy ankehitriny taorian'ny tabataba 1947).

Ireo Cantons telo ireo dia Zafisoro avokoa tsy nisy fangarony ary izy no mitana ny laharana faha-16 eto Madagasikara raha ny hameroan'ny mponina no jerena, ka mahagaga ihany izy io raha tsy tafiditra tao anatin'ny foko 18 hatramin'izay ka mandrak'izao.

Afa fanjakana hatramin'ny voalohany ny Zafisoro nefa tsy nisy fanjaka tokana nandidy sy nanao izay denin'ny kibony tao aminy noho izy iray nihaviana ihany, fa ny fitondram-panjakana tao dia n-lahatra ara-pizokiana ary ibola mitohy asia'izao fotoana izao, dia izao izany :

- 1<sup>o</sup> Ny fanjakan'ny ANTEKALACKA,
- 2<sup>o</sup> Ny fanjakan'ny MAZALAVA,

---

(1) Izay misy mponina mi-isa 199.800 amin'izao fotoana izao, afa-tsy ny any ampieleza-na.

- 3<sup>e</sup> Ny Ipanjakan'ny LOHANOSY,
- 4<sup>e</sup> Ny Ipanjakan'ny LAOVATA,
- 5<sup>e</sup> Ny Ipanjakan'ny ZAFISOROROY,
- 6<sup>e</sup> Ny Ipanjakan'ny ANT LAFOOTSY.

Araka ireo voalaza eo ambony ireo dia samy manana Ipanjaka zokiny sy Ipanjaka zandriny avy izy telo heny, izany hoe : samy manana iray isan-dikainy, ka izany no maha-enina ny Ipanjakan'ny Zafisoro. Ao Evaro Benivohitra no onenan'ireo Ipanjaka enin-dahy ireo.

Amin'ireo Ipanjaka enin-dahy ireo, izay voalaza ery aloha, dia misy ihany anankiray Filoha sy mpitarika, ao amin'ny foko Antekeraoka no misy azy, avy amin'ny taranak'i RAHOTRITRY lahimatea, nefa na Filoha aza izy dia tsy mandidy manapaka irery eo amin'ny raharahan-tokantranony fa tsy m'intsy mbola mikaon-doha amin'ireo diany lahy namany (1) ka izay hevitra lanin'ny maro no ekena. Io Filoha io no atao hoe : Landronarivo.

Behefa nirindra tsara toy izany ny Fanjakana Zafisoro dia tsy niara-nonina isan-tsokajiny (2) fa nozarazaraina eran'ny faritany manontolo ny mponina, izany hoe : isaky ny tanàna tsirairay dia nisy ireo foko telo ireo mba hiarovana ny fifanavakavahana sy ny ady an-trano any aoriana, ka raha niara-nonina izy ireo dia tsy nifampitety fa ny zanakalahin'ny ankilany mampakatra ho vady ny zanakavavin'ny andaniny, ny zanakalahin'ny andaniny kosa mampakatra ho vady ny zanakavavin'ny ankilany. Izany fomba izany dia mbola mitohy mandrak'ankhitry izay mbola maha-fianakaviana iray io Firenena io hatramin'izao.

Ireo Ipanjaka enin-dahy ireo dia samy manana faritany feheziny tsirairay, izany hoe : nozaraina enina ny faritany izay onenan'ny foko telo voalaza ery aloha.

Amin'ny fizarana ny faritany enina toy izany dia misy koa Ipanjaka isampokony isan-tanàna izay monina ao amin'ny Trano voatokana ho azy, izany trano izany no atao hoe : LOMANA na TRANOBE, ny ankohonan'io Ipanjaka io no miara-manao ny Tranobe raha nisy simba.

Ao amin'izany Tranobe izany ivorian'ny fianakaviana raha misy zavatra atao, ohatra : tonga ny fararano, fotoana ampakarana ny vokatra, ny vary indrindra indrindra, dia ao no anaovana lanonana fiaraha-misakafo ho fisaorana an'io Lanabary sy ny Razana, TATAFOROTRA no anaran'izany lanonana izany ary tsy m'intsy tsaramaso no atao laoka. Raha misy zazavavy angatahin'olona ho vady dia ao no anateran'ny angataka vodi-ondry, ALO no anaran'izany vodi-ondry izany, ary avy ao ilay zazavavy vao avoaka hampakarino. Raha misy manao voady, TSIK'FAKA no anaran'izany voady isany, dia ao atsinanana'io Tranobe io no amonoana ny omby voatokana ho amin'izany, tsy m'intsy atolika miatsinanana ny lohany. Raha misy hamora zazalaky dia ao ny mpiandevy rehetra no mivory sy miara-miari-tory ka amin'ny loak'andron'io mbola vao maraina be vao didian'ny hain-jaza eo atsinanana-trano ilay zazalaky, ny Ipanjaka no omena ny vodi-hena amin'ny omby vonoina amin'ireo raharaha ireo. Raha misy olana eo amin'ny mpiandevy dia ny Ipanjakan'io Tranobe io no mandamina. Raha sanatria misy maty, na eo an-toerana na avy any an-tany lavitra dia ao no iandrasana ny Razana ary avy ao izy vao entina halevina. Raha misy mendika lalàna, dia ny Ipanjaka-pokonolona no manao izay ala-olana, nefa raha tsy vitan'ireo Ipanjaka eo an-toerana ny fandaminana dia mbola mivory amin'ny toerana anankiray ireto Ipanjaka-pokonolona ireto hiaro-mandivika izay hevitra. Larihina eto fa raha mahavita

(1) Landriny.

(2) Isan-dikainy na isam-pokony.

ny ipanjaka eo an-toerana dia tsy mankiza intsony ny raharaha fa efa toy vitan' ireo ipanjaka ireo vao miakatra eny andrenivohitra ho dinihin'ireo ipanjaka ambony enin-dahy.

Iaha tafakatra eny antanpoay ny raharaha dia mbola manontany ny niandohan- ny sy niferany amin'ireo izay nanao tsy nahavita tamin'ny vorlohany ny ipanjaka enin-dahy ary amin'izay izy ireo vao manapakevitra. Tsihivina eto fa ireo ipanjaka enin-dahy ireo dia tsy mandidy ny avy amin'ny fokony tsirairay fa sahy miara-mampihatra ny lalàna tsy misy avakavaka.

Saika matetika anefa fa tsy dia misy loatra eo amin'ny fitondrana Zafisoro ny mandefa ny olona maro eny andrenivohitra fa ny lonaka na ny ipanjakan-pokolona ihany no mandidy manapaka na ho saziama handoa omby na vola ilay nanao fahadisoana.

Iy fahadisoana tsy indray mandeha fa intelo fara-faharotsiny, izay efa tsy ahitan-parafodiny intsony, na fahadisoana mihatra amin-java-pady dia tsy saziama omby na vola intsony fa roahina tsy ho eo amin'ny faritany satria ny Fanjakana Zafisoro dia tsy nanameloka olona ho faty na oviana na oviana. Ny ipanjaka ambony enin-dahy ao andrenivohitra ihany no mahazo mampihatra izany fandroahana izany.

Ao maintinandry faritanin'i Mahanoro dia mbola ahitana ny taranaky ny olona mampiharen'ny lalàna Zafisoro ny fandroahana, foko Antalepotsy izy ireo.

Ahefa tafatoetra toy izany ny Zafisoro ary nitombo aneraha io faritany misy azy io ny terenany dia tsy nihetsika intsony izy ireo fa nikely aina hampandroso sy hanatsara ny toe-piainany.

Katramin'ny nonenany amin'io faritany misy azy io dia izao avy ny ipanjaka Zafisoro nifandimby tao Evaro mandrak'androany, miantomboka amin'ny niandohan- ny ka mifara amin'izay m'ola velona sy mbola miase amin'izao fotoana izao :

1<sup>2</sup> Iy an'ny Antekaraoka,  
taranak'i Lahotrihy.

Mahofily . . . . .	
Fotely . . . . .	
Andrianrosambo Ahefa . . . . .	
Andrianositso . . . . .	1811
Mananontolo . . . . .	
Landronarivo I . . . . .	1896
Landronarivo II. . . . .	
Iabolanga Landronarivo III . . . . .	
Landronarivo IV. . . . .	1960

3<sup>2</sup> Iy an'ny Zazalava,  
taranak'i Letso.

Damalava . . . . .	
Lanosy . . . . .	1811
Manakelano . . . . .	
Tsiaforitry. . . . .	
Andrianotemitrony. . . . .	
Andrianankonarivo. . . . .	
Manakomana. . . . .	1896
Levelo. . . . .	
Manafetry Levelo . . . . .	1960

2<sup>2</sup> Iy an'ny Marovata,  
taranak'i Maholombe.

Iongotry . . . . .	
Tsaramana I. . . . .	
Mafahazoa. . . . .	1811
Andrianarombahoaka . . . . .	1896
Tsaramana II . . . . .	
Manorilahy . . . . .	
Miada Tsaramana III. . . . .	1960

4<sup>2</sup> Iy an'ny Zafinandroy,  
taranak'i Lavoaingy.

Tafa . . . . .	
Melo . . . . .	
Andrianonivelo I . . . . .	1811
Tsimilefalahy. . . . .	
Katsitohiny. . . . .	
Tanandahy. . . . .	1896
Botofeno . . . . .	
Andrianonivelo II. . . . .	
Tatajirena Andrianonivelo III. . . . .	1960

52 Ity an'ny Lohanosy,  
taranak'i Lahafobe.

Tobamena. . . . .	
Soja. . . . .	
Mananava. . . . .	
Amity. . . . .	
Andriamanakay. . . . .	
Ramaty . . . . .	1811
Paranahita. . . . .	1896
Tovokery. . . . .	
Tafeno. . . . .	
Tonganasy Tafeno. . . . .	1930

62 Ity an'ny Antalapotsy,  
taranak'i Loha.

Istiky. . . . .	1811
Andriamanarintany I . . . . .	1896
Manavangy . . . . .	
Andriamanarintany II. . . . .	(maty no-
tifirina tao Fianarantsoa tamin'ny taona	
1947 noko ny fitiavan-tanindrasana).	
Midifela Andriamanarintany III. 1960	

Ireo ihany ny mpanjaka misoto (1) ary r'akitra amin'ny tantan'ny Lafisoro, izay mbola ho hitantsika ho soriasa amin'ny pejiny fanandratan'ny izay ho isan'ny enin-dahy ao andrenivohitra.

Ity mpanjaka mifindra fomenana ivelan'Evato renivohitra, na ao amin'ny faritany ihany na any an-kafa tsy tamin'ny alalan'ny Lafisoro telo troky (2), indrindra fa nanera-behivavy, dia tsy mahazo manjaka intsony, na ny taranany teraka tany ampifitrahana-monina na tany ampanaraham-behivavy, fa ny taranany teraka talchan'izany dia nanao manjaka ihany raha tsy nanaraka ny nataon-drainy na ny nataon-draibeny.

Ireo esorina na aongana ny mpanjaka, na ny ao andrenivohitra na ny any ivelany, raha m'anao fitondrana tsy mifanaraka amin'ny hevi-bahoaka.

Ity mpanjaka enin-dahy ao andrenivohitra na ny any amin'ny faritany dia tsy mandray k'raza fa omena tanimbary manokana ivelan'ny lovany tamin-drainy. Araka ny filaharan'ny ao amin'ny fanjakany ny habeny. Tsy azo amidy na atao amboka io fa izay manjaka ihany no tongony mandraohafatiny na mandra-pialany. HOAHOAHOA no anaran'izany tanimbary izany.

NY VATO VALE MIORINA AO AFOVOAN-TANANA EVATO KA NAHOTONGA NY ANARANY HO TOY IZANY DIA FAHATSIAROVANA NY VELIRANO NATAON'NY MPANJAKA ENIN-DAHY IZAY MANJAKA VOALONANY TAO TAIN'NY VAHOAKA MBA TSY HIV DIKA AMIN'NY FIVONDROANA MANANAFISANA NY FIVONJANA SY NY FIFANJATIAVANA. NIVELIRANO TAIN'NY MPANJAKA KOA IREO MPANOLOTSAINA ARY MBA TSY MANORO VONONY. DIA NANAO TORAK'IZANY KOA IREO MPIARO AZY MBA HISIKINA BEJIMBO FA TSY HIAMBOHO LAHY.

Ireo vato vale miorina ao afovoan-tanana evato ka nahatonga ny anarany ho toy izany dia fahatsiarovana ny velirano nataon'ny mpanjaka enin-dahy izay manjaka voalonany tao tain'ny vahoaka mba tsy hiv dika amin'ny fivondroana mananafisana ny fivonjana sy ny fifanajatiavana. Nivelirano tamin'ny mpanjaka koa ireo mpanolotsaina ary mba tsy manoro vonony. Dia nanao torak'izany koa ireo mpiaro azy mba hisikina bejimo fa tsy hiamboho lahy.

Izany indrindra no antonanton'ireo sy maha-valo azy : enina an'ny mpanjaka enin-dahy, iray an'ny mpanolotsaina azy ary ny iray an'ny mpiaro azy.

NY VATO VALE AO ATSIMON-TANANA.

Ireo vato vale hafa, izay miorina ao atsimon-tanana, atsinanan'ny biranom-panjatana kosa, dia manana tantara toy izao, miantomboka avy ato avaratra :

- 12) Natao fahatsiarovana ny fihavanana tamin'ny Gnjatsy (Antemoro),
- 22) Natao fahatsiarovana ny fihavanana tamin'ny Tanalambolo,
- 32) Natao fahatsiarovana ny fihavanana tamin'ny Vatomanasara,
- 42) Natao fahatsiarovana ny fihavanana tamin'ny Antelohony,
- 52) Natao fahatsiarovana ny fihavanana tamin'ny Mangarano,

(1)-(2) Jereo pejy manaraka.



6<sup>e</sup> Ratao fahatsiarovana ny fihavanana tamin'ny Samavoay,  
7<sup>e</sup> Ratao fahatsiarovana ny fihavanana tamin'ny Antevatohe,  
8<sup>e</sup> Ratao fahatsiarovana ny fihavanana tamin'ny Laranganampy.

Ireo no tombokasen'ny fihavanana sy fianianana tsy hivadihana ary tsy hifanitsahana mandrakizay.

#### NY FANJAKANA TAIN'NY FANJAKANA MERINA.

Taloha kelin'ny nahafatesan'Andriampoinimerina dia efa nisy volavolan-kevin'ny hitodika iny faritra atsimon'ny Nosy iny. Raha niamboho izy tamin'ny taona 1810, izay iarahantsika mahalala, dia notanterahin-dikadama I izany fikasany izany.

Tamin'ny taona 1811 dia nandefa iraka avy aty Antananarivo kafoana I han-kany Evato Renivohitra. Tsy niady tamin'ny Zafisoro anefa ireo iraky ny loanjaka ireo fa nitady fihavanana taminy ary nampamantena fa hiaro azy. Rehefa nifanaraka ny fanjakana roa tonta dia nandefasan-dikadama komandy hipetraka tao Mahamanina, Canton-n'Ambalatany io.

Izao avy ny anar n'ireo Komandy ireo sy ny taona niasany tao : (1811-1884) Rainilobafika, Rainitsimaholy, Rainimiadana, Kafalahirambo, Rainikinitsaka, Rainilaizala, Andrianaivonan'itrika, Rainisoaray, Rajovah.

Izao avy koa ny anaran'ny loanjaka Zafisoro tratran'izy ireo tao sy niara-niasa taminy : (1811-1884) Andriamaitso, Kafahazoa, Lanosy, Andrianonivelo I, Ramatoy, Itihy.

Tsy nitsahatra anefa izany fiaraha-miasa teo amin'ny Merina sy ny Zafisoro izany fa mbola nitohy hatrany hatrany ary tsy nifarara raha tsy tamin'ny taona 1896.

Izao avy koa ny anaran'ireo hafa nisolo toerana ny antitra sy izay efa naty : (1884-1896) Andriamavo, Andriantiana, Andriamanantsiety, Andriantsalama, Rainivelo.

Izao avy koa ny anaran'ny loanjaka Zafisoro niara-niasa tamin'izy ireo : (1884-1896) Antanonarivo I, Andriamarombahoaka, Mandanomana, Tanandany, Faramahite, Andriamarintany I.

Tao anatin'ny 85 taona (1811-1896) niarahan'ny Fanjakana roa tonta niasa dia tsy nihosongozona intsony ny faritany Zafisoro fa nandroso ara-pahatsaram-piainana sy ara-toe-karena, ary tianay ny mampahatsiaro antsika miandany eto fa ireo Komandy sy Governora Merina niasa sy nipetraka tao Mahamanina ireo dia tsy nisy nitondra vady avy aty Antananarivo fa tany an-toerana daholo izy ireo no naka vady, ary mbola ao daholo ny taranany amin'izao fotoana izao.

Nisy koa miar mila anankiray mahery fo tokoa, avy amin'ny foko Antalapotsy, izy no Officier Zafisoro voalohany tao Mahamanina, hatavolo no amerany, dia nantsoin-ditanav loza II niasa tao anaty Iova noho ny fahaizany sy ny fahalingany, tamin'ny taona 1884. Nipremila maromaro avy amin'ny Zafisoro telo troky koa niara-niakatra sy niara-niasa taminy tao anaty Iova. Tsy nitondra vady Zafisoro ary any Mahamanina koa izy rehetra ireo fa teto Imerina no nakany vady ary mbola eto daholo ny taranak' izy ireo amin'izao fotoana enoratanay ity tantara ity izao, ary izany no nilazanay ary miandany hoe : ny Zafisoro dia fianekaviana iray lehibe izay itaobaran'ny foko 18 eto Madagasikara.

---

(1) Raha satroboninahitra.

(2) Foko.

Nony tonga ny fanjakana frantsay ary resy isika, dia nataony zanatany ity tanindrazana malalantsika ity tamin'ny 6 Août 1896.

Iy npanjaka Zafisoro tratrany tamin'io fotoana io dia : Landronazivo I, Andrian'rombahoaka, Landanomana, Tanandahy, Paramahita, Andriamanarintany I.

Behafa nanontany sy nanadinady ny fitondrem-panjakana tao an-toerana ireo Frantsay ireo ka nisy nanazavazava tamin'ny dia tsy norevany izy fa nomeny anarana hoe : Chefs de Tribus, izay tsy mbola misy fiovàny amin'izao andro iainantsika izao, ka raha sanatria misy mianboho izy ireo dia mbola soloana hatrany hatrany araka ny efa voalaza ary aloha.

Iy momba ireo nomandy na Governora Merina kosa dia tsy nokasihiny na nasiany teny fa nomeny safidy malalaka na hijanona na hiakatra aty Antananarivo, nefa maro tamin'izy ireny no nijanona fa tsy nahafoy han'dao ny vady aman-janany.

Marihina fa mbola hita ao Mahaganina ny toerana nisy ny kova sy ny manda mamodidina azy, ao amin'ny Canton-n'Aubalateny, Distrikan'i Farafangana.

#### FITANAVAL-TANINDRAZANA.

Hatramin'ny taona 1938 dia efa nanomboka ny fisamborana ny Zafisoro tia tanindrazana izay nendrikan-drehina hoe : COMMISSIONS izay Itompokolahy mbizo Simon avy amin'ny foko Antekaraoka no Filohany, ny Administrateur Paton François lehiben'ny Distrikan'i Farafangana tamin'io fotoana io no nisambotra sy nampigodra voalohan'ny tia Tanindrazana. Izany fisamborana sy fanagadrana izany dia tsy nitsabatra tao anatin'ny sivy taona ngarangidina : 1938-1947, izay niafara tamin'ny fitifirana an' Itompokolahy mbizo Simon sy ny tariny ary ny maro hafa koa.

Marihina koa fa Andriamanarintany II, izay isan'ny npanjaka Zafisoro enindahy ao an-dienivohitra dia notifikirina tao Fianarantsoa niaraka tamin'ireo tia tanindrazana tamin'ny tabataba 1947. Iy zanani-lahy matoa izay atao hoe M. LANGA Jean Louis dia natao sesi-tany tany amin'ny faritanin'i Morondava (Anosin-baraha-malain-bandy) ary nety tany tamin'ny taona 1956.

Iy Zafisoro no maro an'isa indrindra maty noho ny fitiaven-tanindrazana tao anatin'ny Distrikan'ny Farafangana tamin'ny taona 1947 izay nitondra rahona mainty anarana an'i Madagasikara.

#### RAHARAHAN'NY FANALAZANA.

Maverin'i Frantsa ny fahaleovantenan'i Madagasikara tamin'ny 26 Juin 1960 ka ny npanjaka Zafisoro nandray anjara tamin'ny fanalazana izany andro iray toa zato izany tamin-pomba manetrimetrika dia izao avy :

Landronazivo IV.....npanjaken'ny Antekaraoka  
Lisea Tsaramana III.....Marovata  
Mafafetry Levelo.....Zazaleva  
Tatajirena Andrianonivelo III.....Zafinandroy  
Tonganasy Tafeno.....Lohanosy  
Midifela Andriamanarintany III .....Antelaotsy

#### NY FOMBA MANAN'NY ZAFISORO.

Azo volena avokoa ny faritany Zafisoro rehetra, na ny havoana na ny tanety. Iy havoana dia anbolena mangahazo, kafe, jirofia, voanjohory,

voanjolava, vary tomboka, hazo fihinam-boa isan-karazany, etc. Ny tanety rehetra dia tamin'ny avokoa ary ny tsy anbolem-bary dia mbola volena kafe, saonjo, vomanga, mangahazo, tsaramaso sy anana isan-karazany. Ivelan'izany dia misy koa horeka (ma-raï) roa lehibe ao izay fambolena ny mponina vary vaky ambiaty (vatomondry), dia Belana sy Tarata, ankoatr'ireo dia misy ihany koa horeka madinidinika eran'ny faritany manontolo toa an'i Sahora sy Ambatomondry ao amin'ny Canton-n'i Lahafasa, Samboritra ao amin'ny Canton-n'evato ka hatrany Anakona sy Amporofo roa koa any iaka-tsinjo avaratry ny tanàna marohaka, sy ny maro hafa tsy voatonona etc.

Afa-tsy ny vokatra avy amin'ny fambolena dia ao koa ny tavolo izay maniry eran'ny tanety sy ny havoana rehetra eny, sakafo tsara koa io ary foto-karena tamin'ny faritany satria nisy Kompania nivity azy tamin'ny andro taloha.

Ny Zafisoro dia saika mpamboly daholo ny ankamaroany ary isan'ny zavamananan'ny tamin'io faritany io izany nivity vary izany. Ny mpianatra tsy tafita tamin'ny fianarana dia mijanona ho mpamboly fa tsy nandeha na aiza na aiza hitady karana. Ny zazalahy tsy mpamboly dia tsy mahazo vady amin'ny mpiara-monina mihitsy. Nefa ankehitriny, noho ny haterin'ny tany dia voatery ny zana-Zafisoro hielimpatrana eran'ny nosy mba hitady tany malalaka. Ny Zafisoro no mitena ny laharana faharoa amin'ny fambolena manarakaraka ny Betsileo, etc Madagasikara.

### NY FANAMBIANA.

Nisy lafiny telo ny fomba fanambiana Zafisoro :

1<sup>o</sup> Sazozaza, zazavavy tsy mbola nanambady vao havoaka hampikerina,

2<sup>o</sup> Rifinitaka, vehivavy nisara-bady na maty vady tsy nisy mpandova,

3<sup>o</sup> Vady lova, lehilahy na vehivavy maty vady hampambiana ny zaobaviny na ny zaodahiny, ary tsy maintsy ny zandrin'ny maty no mandova ny vadiny fa ny zoky tsy mahazo mandova ny vadinjandrin'ny.

A. Sazozaza : - Nisy zazavavy tsy mbola nanambady ka maniry hanana ary ny tovolahy anankiray, dia mandeha ny ray amandrenin-drazalahy mankany amin'ny ray amandrenin'ny vavy hangataka azy. Tsy dia manakiky na mandà avy hatrany ny manana ny vavy fa mbola mifampidinika sy manadihady amin'ny manodidina ny momba ilay zazalahy, ny fiainan'ny fianakaviany, ny toe-pahasalamany, na manoto mamboly sy manaja ray amandreny na tsia. Raha hita fa tsy misy ho kianina ny fiainana sy ny toetr'ilay zazalahy sy ny fianakaviany ka miverina fanindroany ny mpangataka dia manapa-kevitra ny ray amandrenin'ny vavy milaza hoe : mbola tsy vovy daholo izahay ka amin'ny andro toy izao hianareo miverena. Dia miverina ny mpangataka ary izay ny ray amandrenin'ny vavy vao mampandre ny LOHAKA fa hisy olona ho tonga hangataka ny zany sy hatritra vodi-ondry amin'ny andro toy izao. Ny LOHAKA na ipanjaka-pianakaviany indray no mampandre ny ankohonany mba hivory ao aminy ary toy hisy handeha na aiza na aiza fa samy hanatrika ny fanoloram-bodi-ondry amin'ny andro voatokana.

Raha tonga ny mpangataka sy ny mpianakavy izay efa nahazo fampandrehesana avy amin'ny ipanjaka dia hivory ao an-frenobe daholo amin'ny andro efa voatokana. Ny fianakavian'ny lehilahy no mitari-dresaka voalohany vao mamaly ny an'ny vavy. Dia mifandriky mikobary eo ny roa tonta, na ny mpangataka na ny angataban', mifanontany ny nibeaviana na mbola misy fihavaana tsy tapake tany ho any. Farany dia ny ipanjaka no manana ny kabary ary manapaka fa azo omena an-drazalahy ho vady zazavavy, nefa raha misy hitan'io ipanjaka io fa tany aloha tany nisy foko nibeaviana ireo zavo-roa ireo mbola milevina amin'ny fasana iray na mbola iray fasana ny andaniny sy ny ankilany, na dia efa teranaka roapolo nifandimby aza dia mandoa vola na omby i-velan'ny vodi-ondry ny mpangataka hanalana ny fody, izany no atao hoe : FANIRIBONY. Amin'ny soriana, ka raha nisy indray mba amin'ny fianakaviany roa tonta, dia tsy

mandos fafikibory intsony fa efa afaka tamin'iny voalohany iny ny fady. Nefa raha tsy misy toy izany eo amin'ny fifanadihadian'ny roa tonta dia ny vodi-ondry ihany no atolotry ny mpangataka.

Naha manolotra ny vodi-ondry ny mpangataka dia ny mpanjaka no mandray azy fa toy ny ray amandrenin'ilay zazavavy araka ny lalàna Zafisoro. Rehefa voatolotra ny vodi-ondry dia misaotra ny mpanjaka sy ny fianakaviana nanatrika ireto mpangataka ary maromboka amin'io andro io dia fofombadin-drazazalahy razazavavy. Boritina eto fa ny fanoloram-bodi-ondry dia amin'ny hariva ihany ary tsy maintsy avy miaramisakafo amin'ny fianakavian'ny vavy ao an-tranon'ny mpanjaka vao mody, nefa raha lavilavitra ny misy azy dia matory ao ary amin'ny maraina avy manao ody ambafafao izy ireo vao miverina. Rehefa vita ny raharaha sy ny fepetra rehetra ka hody ny mpangataka, dia ny ray amandrenin'ny vavy indray no mangataka andro hiomanany ny entana sy ny fitaovan-janany havoaka hampakarina. Telo volana no farany akaiky indrindra amin'izany fiomanana mialohan'ny fampakarana izany.

Ny vodi-ondry, rehefa lasa ny mpangataka, dia zaraina telo : ny androan-tokony an'ny lehilahy rehetra, zaraina isam-batan'olona na hividianana toaka iarahamisoetro, ny ampahatelon'ny an'ny vehivavy rehetra hividianana sira ary zaraina isam-tokantrano. Ao an-TRANOBE no anaovana izany fizarana izany vao mireva. Iarihinana fa ny anjaran'ny mpanjaka ihany no misy tombony kely, fa na ny reniny na ny renin'ny zazavavy dia mitovy anjara amin'ireo namany fa tsy misy fiavahana.

Handritra ny telo volana na maharitra noho izany, amin'ny anko-fofombadin-drazazalahy an-drazazavavy, dia tsy mitsahatra ny tonga isan-kerinandro izy na ny rahalahiny manampy ny rafozany amin'izay asa atony, izany no atao hoe **RAHARAHY**.

Rehefa tapitra ny fetra nifanarahan'ny roa tonta ka tonga ny fotoana hampakarana, dia misinga ny vehivavy vitsivitsy avy amin'ny fianakavian'ny lahy, enina fana-fahakeliny, mivantana ao an-tokantranon'ny ray amandrenin'ny hampakarina. Naha tonga ireto mpaka ireto dia manomana ny entan'ny hampakarina ny reniny ampian'ny vehivavy sy ny renim-pianakaviana rehetra ao amin'ny foko misy azy, ka raha vita ny fionanana dia afindra ao an-tranon'ny mpanjaka ny entana. Amin'izay dia mivory daholo ny mpiankavy mitsodrano an-drazazavavy. Rehefa vita ny tsodrano dia entin'ireo vehivavy avy amin'ny fianakavian'ny vadiny izy. Ireo havan'ny vadiny ireo no sany niloloha ny entany ary niaraka koa ny vehivavy maromaro avy amin'ny fianakavian'ny manatitra azy sy mitondra vary fotsy enina harona sompirina araka ny fomban-drazazavavy (ny vary fotsy enina harona dia milaza fa mbola zanak'izy enina-dany zanak'i Soronady izy roroa na ny hampakarina na ny mampakatra, ka io vary fotsy entin'ny hampakarina io no hanaovan'izy mivady sakafo voalohany any an-tokantranon'ny ho fan-gatchan-pitadiana mba ho maro fara sy dimby). Ny fampakarana dia tsy maintsy atao amin'ny tolak'andro.

Amin'ny andro ampakarana dia mivantana ao an-TRANOBE ny ampakarina sy ny mpaka ary ny mpanatitra ka avy miaramisakafo ao izy rehetra vao mody ny mpanatitra nefa raha lavitra kosa ny toerana misy azy dia amin'ny maraina loak'andron'ny hampakarana izy ireo vao miverina. Izay vao mody any an-tokantranon'ny mivady vaovao.

Rehefa afaka herinandro ny hampakarana an-drazazavavy dia manoroha izy mivady mankany amin'ny ray amandrenin'ny vavy hamangy azy, mitondra hitay lanjan-bola ny lahy, ka raha ohatra misy maromaro izy mirehalahy ao dia sany mandeha daholo sady manampy ny rafozany amin'izay asany ao. Nao andro izy ireo any vao mody amin'ny andro fahatelo, izany no atao hoe : **MIVANINTANINA**.

**B. NIFANITANA** : - misy vehivavy efa nisara-bady na maty vady tsy misy mpanova ary

misy lehilahy te-haka azy ho vady dia tsy angatahina amin'ny ray amandreniny intsony fa izy roa ihany no mifampiresaka. Rehefa avy mifampiresaka izy roa dia milaza amin'ny lehilahy ravehivavy fa mbola hihevitra ary omeny fotoan'andro izy hiverenany hilosany izay heviny. Izany hoe : mbola hihevitra izany, dia hanontaniany sy hanadibaliany amin'izay olom-pantany ny momba io lehilahy io. Raha tsy azoazony ny filasan'ny olona nilany hevitra dia tsy sahy mivaky mandà ravehivavy fa manao fian-lan-tsinny hoe : tsy mbola avelan-dreniko hanambady aho na hoe : tsy mbola nahangona ontana aho. Raha mahazo valinteny toy izany ny lehilahy ary fantany miaraka amin'izay fa tsy manaiky izy dia tsy miverina eo intsony fa raha miverina fanindroa ralehilahy ka topa-kevitra ny vehivavy dia manome fotoana izy hoe : mbola mio-mankoa aho ato ho ato, af ka telo na efatra andro hianao dia tongava haka ahy amin'ny andro toy izao. Dia miverina aloha ny lehilahy ka amin'ny andro voatondron'ny vehivavy izy dia tonga maka azy, dia lasa izy roa. Arihina fa na dia tsy angatahina amin'ny ray amandreniny intsony aza ravehivavy dia mitafa mangina amin-dreniny ihany, rehefantarany na mbola mpihavana akaiky na misy anton-javatra hafa tokony hisakana azy tsy behazoa'ity lehilahy ity hanambady azy. Ny vehivavy mifanitaka dia saika efa nahazo baiko avy amin-dreniny ihany vao mandeha, fa ny rainy kosa no tsy mandre mihitsy raha tsy izy efa lasa. Amin'izay ny reniny dia mody baotra milaza fa tsy nahita na nahare ny nalehan-janany.

Izy roa lasa iny dia tsy mbola mivantana any amin'ny fomenao-falalahy fa any ka-kafé ary saika amin'ny haven'ny lehilahy mipetraka any ivelany tanàna no misy azy.

Af ka herinandro na tap-bolana ary efa fantatry ny rainy ilay nitondra ny zanany vao miseho amin'ny ray amandreniny ny vehivavy ny lehilahy mitondra olona roa na telo mifona aloha fa nangalatra, avy eo izy, rehefa vita ny kifodana vao mitondra ny rainy sy ireo olona nentiny voalohany indray hanao ny fangatahana. Rehefa vita ny fangatahana dia atolotra ny vodi-ondry, ka raha lasa ny vodi-ondry izay vao aladin'ny vadiny any amin'ny toerana nanafenany azy ravehivavy ary entany mody any an-tokantranony. Ny fomba fizarana ny vodi-ondry dia mitovy amin'ny an'ny sazozaza ihany koa.

Herinandro aorian'ny nahavitana ny fangatahana sy ny fanoloran-bodi-ondry ny mpivady vaoveo vao miara-miseho any amin'ny ray amandreniny sy ny fianakavian'ny vehivavy. Mijanona roa andro any izy roa, ny lehilahy mandrafozana ary ny vehivavy manampy amandreniny amin'izay raharaha ataony ao. Amin'ny andro fahatelo izy mpivady vao mody sy mitondra ny entany. Tsy misy mpaka na mpanatitra fa dia izy roa ihany no miara ka sy mitondra ny entany ary tsy mitondra vary fetsy avy amin'ny ray amandreniny intsony ny vehivavy mifanitaka satria efa lasa tamin'ny nampakar na azy tamin'ny voalohany izany.

- 4- C. Vady lova : - Raha misy maty vady na lahy na vavy ary efa vita levenana ny maty, dia mivory ny mpianakavy mba handinika izay tokony hometrahana ny vadiny maty hitondra loloha azy. Tsy maintsy ny zandrin'ny maty anefa no fidina amin'izany. Raha hita ao amin'ny rahalahy na rahavavin'ny maty izay zandrin'ny hahazaka azy dia izay vao antsoina izy miaotra ary miteny na haim-pianakavianana ananki-ray manao hoe : izahay ray amandreninareo no nampiantso anarao roa toata, hitanareo ary iarahantsika mahalala fa tsy fidiny no nisarahinareo sy Itampokolahy na Itampokovavy ka nampikambana anareo miaotra manomboka anio ny fianakavianana rehetra hiarahanareo manabe sy mitantana ny ankizy navelan-jokinao, hisolo toerana azy hianao hanao ny fifampitondra n'ny zaobavinao na zaodahinao taminy, mifankatiava, mifampizaka, mifandefera, mifananara. Tsy misy mamaly ny mpiaotra rehefa vita isany teny isany fa miara-mitomany. Dia mpivady manomboka amin'io andro io izy roa. Izay vao sahy mody any an-tokantranony avy. Ao amin'ny Tranoben'ny mpanjaka no anaovana izany ary arihina fa tsy misy vodi-ondry intsony ny vady lova ary tsy miverintsidika.

NY FIANANAN'NY RAY AMANDRENIN'NY SY NY ZANAKA LONINA.

Iy zanakalohin'ny Zafisoro dia tsy miala amin'ny ray amandreniny, ka hitokantano na efa manambady aman-janaka fa tsy maintsy miara-monina aminy ho mari-pamjara.

Iy tsim-pianakaviana rehefa manan-ja aka lahy efa tonga baona sy efa afaka hijoro eo amin'ny maha-izy azy dia tsy miasa intsony fa manome baiko fotsiny ary nipebraka eo an-tanàna mikarakara ny fiainana sy ny raharahan-tokantano, araka ny ohatolana hoe : manan-joky afak'olan-teny, manan-jandry afak'olan'entana.

Iy trano fatoriana no samy manana ny azy fa ny sakafo kosa dia iarahany mpianakavy ao amin'ny ray aman-dreniny. Tsy misy omena zavatra ho azy na iandraiketany manokana ny zazalahy fa mbola samy iombonana daholo raha mbola velona ny ray aman-dreny, ary toy izao ny fiainanin'ny mpianakavy : raha tonga ny fotoana fiavotam-bokatra, rangahazo, vary ary kafe indrindra indrindra, dia ny Raimpianakaviana no manao ny hetran'ireo zanany lahy, mividy fitafiana ho azy rehetra sy ho an'ay vinantovavy rehetra koa, izay vao omena vola tsirairay ireto vinantovavy ka isany vola saraina izany no ateriny any amin'ny ray amandreniny isany. Raha sanatria ka misy maty ny ray na ny renin'ireo vinantovavy ireo, dia ny Raimpianakaviana no mikarakara omby iray handevenany ny rafozan-janany, na tsy manana eo an-pahitra aza, dia tsy maintsy manao izay hahitana fa fahafaham-baraka eo anatrehan'ny Zafisoro ny tsy mahalevin-drafozana.

Raha sanatria ka miamboho ny Raimpianakaviana, dia ny lohimatoa amin'ireo zanany lahy no misolo toerana azy ary tompoin'ireo zandriny tahaka an-dlainy koa, nefa kosa raha misy tsy fifanarahana eo amin'ny mpirahalany vao mirara lova, nefa tsy dia mbola misy matetika loatra ny tahak'izany. Ilay Renim-pianakaviana kosa dia tsy mody any amin'ny fianakaviany fa mijanona eo amin'ny tany misy ny vadiny, omen'ireo zanany trano manokana ho azy ary tompoiny sy veloniny mandra-pahafatiny.

NY FIANANANA SY FIANANAN-JANA.

Raha bevohoka ny vehivavy Zafisoro, ka efa akaiky ny volana hiterahany, ary mbola velona ny heniny, indrindra fa amin'ny hiterahany voalohany, dia angetahin-dsena amin'ny rafoza y izy hiandry vohoka eny aminy (dialitroky), fa raha maty lova kosa izy na mitoetra lavitra ny heniny dia ao amin'ny Rafozany ihany izy no miandry vohoka. Raha vantany vao teraka izy dia omena toerana eo an-drefa-patany ary tsanganana tsihy io toerana io mba hiarovana azy mianaka amin'ny rivotra sy ny latsiana, ka ao izy mianaka no mipetraka, HOBA no anaran'io tsihy io. Tsy mivoaka io toerana io izy mianaka mandritra ny herinandro ka afaka herinandro izy vao maha-zo mivoaka kely, nefa alohan'ny hivoakanany dia tentemany koba vary ny barchiny hiarovana azy amin'ny hain'andro. Ny masony indrindra no tena arovana amin'izany sanatria raha tsy manao toy izany, hono, ny vehivavy avy niteraka dia tsy mahita maha-bara tsara intsony ny masony. Raha tafavoaka izy mianaka dia mba mitsangantsangana kely eo an-tokotany, babeny ny zanany ary alofany ilay tsihy kely atao hoe LONDO izay mioriana-dsena na norariany na ny rahavaviny mandritra ny herinandro nijanomanany tao anaty HOBA. Io andro voalohany ivoakanany io no analàna ny volon'ny zaza.

Tsy dia mbola miala tanteraka io HOBA io anefa ny mpifana mianaka fa mbola mijanona ao mandritra ny telo volana na mihoatra isany aza, araka ny toe-pahasalamany isany, ary mandritra izany fotoana izany dia homa vary sosoa izy marain-tsy n riva ankoatry ny sakafo iarahany amin'ny besinimaro. Afaka telo volana izy ary aze antoka tsara ny fahasalaman'izy mianaka, vao miala tanteraka tao anaty HOBA, ary maha-zo omena ny raharaha ao an-tokantano.

Na aiza na aiza toerana niterahan'ny vehivavy Zafisoro dia teniriziny ny foitry ny zanany, na any amin'ny faritany faren'izay lavitra indrindra aza dia tsy azony an'orian-poana fa tsy maintsy any amin'ny vavarano ao an-tanindrazany no an'oriany azy, na dia efa ampolo taonany maro aza ny nahaterahan'ny zanany dia voatery izy mandrony an-toerana hanary azy, satria misy fomba fiteny manao hoe : tsy hendri-hendry toa zaza tsy hita foitra (na hoe : very foitra amin'izay toerana tsy tokony hanariana azy), izany ohabolan'ny Ntaolo Zafisoro izany dia natao ho marika sy fananarana ny taranaka ho tia tanindrazana.

Toy izao ny fomba fanariana azy : ny Raibe, na ny Ray na ny Bahalahin-drain'ilay zaza no mitondra ny foitra, fatorana amina-vatokely mba hampavesabesatra azy. Mitondra lakana izy mankeny ampovoan'ny renirano akaiky azy indrindra, nony tonga eo ampovoany izy dia alatsany anaty rano iny foitry ny zanany iny any miteny izy hoe : tahionao Zarahary, tahionao Razana, tahionao reniranoon-drazako ity Ra... mahaiko ity, indro ny foitran'ny, tsy nariako tany an-kafa fa ateraho eto aminao, ampangatsiatsiaho, ambino izy, vokaro ny voly rehetra izay atony manolidina anao, halavao andro ho tratr'antitra amin'ity faritany ity ary ampitombov dimby sy fara manamorona anao. Rehefa vita izany dia miverina izy.

Matetika dia ao manampatra, manambava, Sahandovoka no saika an'ateran'ny Zafisoro ny foitry ny ankizy fa ireo no vavarano maleza ao amin'ny faritany.

### NY FANORANA.

Iy famoràna dia isan'ny zava-dehibe, sy fifaliam-pianakaviana eo amin'ny Zafisoro. Tsy voafetra anefa ny halehiben'ny zazalahy ho foràna fa miankina amin'ny fanapokan-kevitra ny ray amandreniny ihany.

Toy izao ny fombafomba amin'izany : mivory ao amin'ny Tranoben'ny Ipanjaka (Lanaka) ny fianakaviana roa tonta, dia ny an'ny Ray sy Benin'ilay zaza samy mitodrano azy, miar-miaritany sy manao kilalao mandritra ny alina mialoha ny andro hamoràna. Abola vao maraina be dia mivoaka ny tovolahy m tanjaka maha ny ombilahy anankiray izay efa voatokana ho amin'io raheraha io ; ary mitondra azy ho vonoina eo an'orianan-Tranon'ny Ipanjaka, avy eo rehefa mody ilay omby dia ataingina eo andonany ny zaza hoforàna vao manatona ny Rain-jaza mandidy azy. Ilay anjozy kely notapahina teo dia atsipy any ambony tafontrano. Laha vita ny fandinihana ary hita fa tsy maninon-tsy maninona ilay zaza dia samy mandihy daholo ny fianakaviana roa tonta sy ny havana aman-tsakaiza mbamin'izay rehetra manatrika eo, mampiseho ny hafaliany tsitairay, miantsoantso sy mamerimberina amin'ny feo mahery izao toy izao hoe : **LAY ! Lay ! Lay ! ...**

Marihina fa tamin'ny andro taloha dia tsy maintsy ataingina andohan'ombilahy ny an'orianan'ny zazalahy noforàna tamin'ny Zafisoro manontolo. Na dia maro aza ny omby novonoina mandritra ny lanonana dia natokana ombilahy anankiray hampitahenina ny zazalahy noforàna ka ny henan'io ombilahy io no nozarazarain'ny fianakaviana sy izay rehetra nanatrika teo, vao samy mody any antokantranony avy.

Ankehitriny, noho ny fiovaovan-javatra amin'izao vanin'andro diavintsika izao dia efa mihavitsy isa ny zazalahy foràna andohan'ombilahy, ary saika matetika dia eto amin'ny fomba tsotsotra.

### NY FANDY.

Tsy dia raikitra loa ao amin'ny tantaran-drazana Zafisoro ny FANDY MANAKAVIANA na FANDY MANAKAVIANA ireo firenena sasantsasany ireo, fa ny hany fady miasanany sy nampihariny lalàna henjana dia ny fady mikasika ny zavatra tsy fanaon-drazana. Nety

nisy ihany fafy vitsivitsy izay nampitandreman'ireo mpimasy nolainy, teheka an'i Andriasa avy amin'ny foko Antevatohe izay voalazantsika ary aloha, ka araka ny hita sy fantatra dia nisy lafiny roa ny fadin'ny Zafisoro, dia ireto lazaina manaraka ireto :

1<sup>o</sup> Ilay fadin-drazana. - Isan'ny zava-pady eo amin'ny Zafisoro ny maka ny vohivavy tsy tandrify azy : anabavy, reny, anabavin-dray, rahavavin-dreny, zanakavavy, zanak'anabavy, renikely, vinantovavy, vadin'anañahin-dreny, vadin-drahalahin-dray, etc... ka raha misy lehilahy maka ankeriny amin'ireo na maka tsotra ka niantso vonjeo ravehivavy, dia roahina hiala tsy ho eo amin'ny faritany izany lehilahy izany, ary alohan'ny handoahana azy dia entina fatorana any amin'ny toerana malalaky ny tanàna izy, hetezana ny volony dia alefa handeha any amin'izay halchany, nefa kosa raha izy roa samy mpifady no nifanaraka amin'izany ka ny fianakaviany no nahatratra azy, dia miara-samborina sy fatorana ary hetezana ny volon'izy roa voa roahina. Tsy vitam-bola na omby izany fa heloka hevava sy fanetriben'ny firenena.

Raha misy moivady miady ka hisaraka ary samy manozana ny tenany hoe : raha mbola miverina aminao dia alika, ka mamaly toy izany koa ny anankiray, dia tsy mahazo mifampody intsony mandra-pahafatiny ny mpivady nifanao izany, no dia nifampiberaka asa, ka raha misy mahita azy roa miara-miresaka fotsiny, indrindra fa mifampody, dia heloka hevava koa izany ary tsy vitam-bola na omby. Loahina hiala eo amin'ny faritany koa ny sazy ampiharina amin'izany.

Ily rpanjaka ambony enin-dahy ao an-dhenivohitra ihany anefa no mahazo mampihatra ny lalàna mifehy ny fandroahana hiala tsy ho eo amin'ny faritany ary marihinana fa ny fandroahana dia tsy mihatra amin'ny vady aana-jenaka na ny fianakavian'ny voaheloka afetsy amin'izy irery ihany, nefa kosa raha misy hevany na fianakaviany tsy mahafoy azy dia mahazo mandeha manaraka azy any amin'izay alehany.

Raha misy tratra mamosavy, ary manaiky marina izy fa nanao izany, dia roahina toy ho eo amin'ny faritany, arahin'ny vahoaka maro be avy ato anoriana ary ivelarana amponga sy itsofana sodina ambara-pahatafavoakany ny faritany fandroahana azy, izany vely amponga sy fitsofana sodina izany, hono, dia fandroahana ny herin'ny moseny na tsy hampanan-kery azy intsony any amin'ny toerana vaovao hononany, fa raha mandà kosa izy dia ampavaovina fianianana, ary toy izao izany fianianana izany :

Entina eo amin'ny toerana malalaky ny tanàna ilay voampanga, na lahy izy na vavy, atrehin'ny rpanjaka eo an-toerana sy ny vahoaka manontolo. Alaina VOAKA (1) afangaro atin-ken'omby voatono, totoina ao anaty laona, rehefa izany dia niteny ilay voampanga mense hoe : any nianao Zanahary, hianareo Razana, mihainoa ahy etc anatrehan'ny mpiry tanàna amiko fa hisotro ity tangena ity aho noho izao fampiangana ahy izao, raha nataoko marina izany dia nahità ahy ireto VOAKA sy atin-kona ireto ary asa avola ho tratry ny masoandro milentika aho, nefa raha tsy nataoko kosa dia mahasoave mahatsarà ary tongava nofo sy fahasalamana ho ahy. Dia raisiny ary hatiny ny tangena. Raha vita izany dia ambenana sy arahi-maso fatratra ilay voampanga mandritra ny herinandro, ka raha tsy maninon-tsy maninona izy tao anatin'ny herinandro, izay fotoana voafetry ny lalàna hiandrasana ny vokatry ny fianianana amin'ny lafinjavatre toy izany, dia mandoa omby iray aminy ny mpiampanga hanaana ny tangena nampihainana azy, fa raha maty kosa izy tao anatin'ny fotoana voafetra dia hita fa meloka tokoa izy ary marina ny fampiangana azy. Tsy azo entina halavina ny fatiny fa fatorana mahazaka ny vozony, teritaritina hoatry ny fatin'alika ary atsipy any anaty rano.

(1) Vovoka malaina avy ao anaty fasana.



Ity halatr'omby, ankoatr'ireo voalaza ireo, dia heloka bevova tamin'ny Zafisoro koa, ary izay tratra ambodi-omby dia roahina tsy ho eo amin'ny faritany ary tsy mahazo milevina am-pasandrazana (ny halatr'omby lazaina eto sy ampihariana izany lalàna izany dia ny halatra ao amin'ny faritany, izany hoe : Zafisoro mangalatra ny orin'ny Zafisoro nanany fa tsy ny any an-kafà).

Laha misy manao hala-botry : vary, mpangazo, vomanga, saonjo, etc... isan'ny zavatra-mahamenatra sy fahafaham-baraka tamin'ny Zafisoro izay zavatra izany. Izay tratra dia ampandoavina ny onitry ny zavatra aengalariny amin'ny tompony sy omby iray amin'ny fokonolona (ny mitono sy homana eo an-toerana dia tsy raisina ho halatra fa ny mitondra mody no atao hoe mpangalatra).

**2<sup>e</sup> Ny fady ivelan'ny fadin-drazana.** - Araka ny fomban'ny Ntaolo taloha moa dia saha nilan-levitra tamin'ny mpimasy na mpanandro avokoa izay zavatra rehetra heveriny hatao : fanorenan-trano, fampakaram-bady, fanoràna razalahy, etc..., ka noho izany dia mba naka mpimasy sy mpanandro koa ny Zafisoro raha hiorin-ponenana tamin'io faritany misy azy ankehitriny io, indrindra tamin'ny fananganana ny Renivohitra, ka dia lasa no fady vitsivitsy notandremany tao :

1/ Ny zavatra horariana hatao tsihy na herona na satroka dia tsy azo ampidirina ny tanàna raha mbola mitso fa ahahy eny ivelany ka tsy azo ampidirina raha tsy efa maina.

2/ Ireo zavatra horariana ireo dia tsy azo totoina eo anaty tanàna alohan'ny handrariana azy fa totoina any ivelany. Ifa misy hazo fisaka lehibe voatokana hanaovana izany, ka eo ambonin'io hazo lehibe io no fanotoan'ny Lenin-pian-kaviana ny zavatra horariana, VAGNY no anaran'io hazo fisaka lehibe io ary ny lehilahy rehetra eo an-tanàna no niara-nanao azy. Misy izany VAGNY izany daholo ny faritany Zafisoro manontolo.

3/ Ny trano mbola tsy vita fa mbola eo am-panaovana azy dia tsy azo ampidirina laona hanotoana vary ao anatin'ny.

Laha misy mendika ireo lalàna ireo dia saziaina araka ny fazeizana antonona azy avy, izay ny ipanjakam-pokonolona eo an-toerana ihany no tompon'andraikitra.

Tianay koa ny manamarika etoana fa noho ny Zafisoro tsy dia niankina loatra tamin'ny sikidy sy ny fanandroana dia tsy re taratra teo amin'ny tantaran'ny hatratin'ny voalohany ny hoe : ZAZA RATSY VINTANA na RABBY ANDRO ka mariana tobaka ny an'ireo firenena sasantsasany teto Madagasikara fahiny.

### NY FASANA SY NY FITSIJANANY.

Ankoatry ny ala telo lehibe ao amin'ny faritany izay voalazantsika ary aloha, dia mbola ao koa ireo navelan'ny fasana satria ny ala <sup>no</sup> nofidin'ireo Ntaolo hanaovana fasana. Hatramin'ny nanorenana ireo fasana ireo dia mbola naberona ireny ala ireny mandrak'androany, ka raha misy tratra mikapa hazo ao, na amahiray fotsiny asa, na maina na lena dia faizina mafy tokoa ary saziaina ka mandoa omby iray, ary raha tsy mahaloha sazy na tsy mety mandoa dia arian'ny Telo Troky (1) manontolo, roahina tsy ho eo amin'ny faritany ary tsy milevina am-pasan-drazana hatramin'ny taranak'ny faramadin'ny, ny olona niaran'izany lalàna izany no atao hoe ZAZAFUTSY. Fa ny hany azo akana hazo amin'ireny fasana irany, dia raha sendra misy simba ny tanom-pasana na ny tranobe onenan'ny ipanjaka na ny eny an-drenivohitra na ny orin'ny faritany hanemboarana azy; ny kitay (hazo maina) dia tsy azo alaina raha tsy amin'ny andro andoavenana ihany raha sanatria misy mety.

(1) Iy foko telo ao amin'ny faritany na ny Zafisoro tsy an-kavaka.

Ily ipanjaka rehetra, ny ao an-dhenivohitra sy ny any amin'ny faritany dia tsy alevina an-pasana manokana fa miray trano amin'ny sarambanem-bahoaka ihany, na ny vady aman-janany aza, nefa na dia mireay trano amin'ny maro ara ity dia efa misy toerana manokana ho azy ao. Io toerana io dia eo am-povoan-trano ao anaty fasana, vato vita rafitra an-tany izy ary misarona ka izay voafidy teo amin'ny fitondrana sy manao ny raharaham-panjakana teo amin'ny firenena ihany no aro apetraka ao fa tsy ny taranany rehetra. Misy izany daholo ny fasana tsirairay ankerana ny faritany.

Dia izao avy izany fasana izany : 1. Anakara - 2. Marira - 3. Ambalamena - 4. Anandonaky - 5. Lalangy - 6. Ambananto - 7. Tamboro - 8. Marofasera - 9. Lampay - 10. Fanily - 11. Sosobahy - 12. Tsilamaha - 13. Tanjomeloka - 14. Tsikia - 15. Ananana - 16. Analabe - 17. Marovato - 18. Ambatohamba - 19. Vohitrany - 20. Betsiriry - 21. Volosy - 22. Vohitrahy - 23. Vatolava - 24. Anabato - 25. Ambatoringitra - 26. Ankitsy - 27. Marandohamboay - 28. Anteninabo - 29. Iabomary - 30. Analatelo.

Amin'ireo fasana voatanisa ery ambony ireo dia ny efitra no ilevenan'ny ipanjaka enin-dahy ao an-dhenivohitra, dia Anakara ho an'ny ipanjakan'ny Antekarakaka sy ny Marovato, Ambalamena ho an'ny ipanjakan'ny Zazalava, Marira ho an'ny ipanjakan'ny Lohomory sy ny Antalapotsy, Anandonaky ho an'ny ipanjakan'ny Lafimendroy. Araka ny voalaza ery aloha moa dia miaraka milevina amin'ny besinimaro amin'ireo fasana ireo ihany ny ipanjaka rehetra.

Misy ihany koa fasana anankiray ao amin'ny faritany izay vao neorina tamin'ny taona 1938. Ny Kristiana Loterana ao Mahafasa sy Mahavelo no nitebana nanao azy, toy ny Kristiana Loterana Lafisoro rehetra anefa no tompo'io fasana io fa ny foko mananivo milevina ao Tamboro ihany noho ny olona nitranga teo anatrehan'ny fomba Kristiana sy jentilisa tsy nifanaraka. Besofy no anaran'io fasana io ary mbola mabonana koa izany ala izany. Itompokolahy Takidisambeza, isan'ny Kristiana nafana fo teo Mahafasa no olona voalohany nilevina ao.

Ily Lafisoro, araka ny efa voalazantsika matetika hitrany an-piandohan'ny fitaovana iray mihaviana ery tokony hilevina amin'ny fasana anankiray, araka ny efitra ankerana 'velona iray tanàna, maty iray fasana', nefa noho ny habevelaran'ny tany misy azy dia nasiana daholo tany ho any, ka tihaka ny nampitsitokotoko azy toy izao, nefa hatranin'ny nanorenana ireny fasana ireny tany amin'ny taon-jato maro lasa tany, na dia nitombo isa aza ny mponina ka minatery ny trano dia aleony n'ny mitatra azy toy izay hisara-bazana ka hanorina hafa noho ny firaisan-kinany. Mbola ambonant'ireny ala ireny mandrek'androany sy mbola ampiharana ny lalàna aifehy ny famaisana izay tratra manitaka azy.

Laha misy simba amin'ireny tranom-pasana ireny dia milaza amin'ny ipanjaka anankiray azy indrindra ny mpiambim-pasana. Ily ipanjaka mahazo fampandrenesana no mandefa iraka amin'ny enin-dahy eny an-dhenivohitra, avy eo dia ny ipanjaka enin-dahy kosa no mandefa filazana amin'ny ipanjaka ankerana ny faritany n'ny tolo hampandrenesana ny vahoaka. Rehefa mandre daholo ny vahoaka, dia ny ipanjaka enin-dahy ao an-dhenivohitra indray no manokana ny andro hiakarana eny an-pasana hiaraha-manomboatra ny simba, na be na kely ny simba dia tsy maintsy herinandro ny faharetan'ny lanonana vao mirava. Mandritra izany lanonana izany dia omby iray isan-donaka no voncina atao safafo eo, izany lanonana izany no atao hoe : ASA KUBAY (1)

Matetika dia amin'ny fotoana toy izany no ifankafant'ran'ny far mandimby sany tompo'io fasana io ary izany fomba izany no tsy mahavory tedidy ny zana-jafin-

(1) Famajariana fasana.

soro. Ireo mpitany fasana ireo anefa dia efa mihazo mifanambady ihany satria efa t-  
raha lavitra dia lavitra aty aoriana, ka raha misy hif-nambady ihany ireo dia maha-  
vola ho ooby ivelan'ny vodi-ondry ny lehilahy, araka ny efa voalazantsika ary aloha  
eo amin'ny pejina'ny fanambadiana.

NY FANAMBIADY.

4. - Raha sanatria misy anankiray miomboho amin'ireo mpanjaka ambony onin-  
dahy eo an-dkenivonitra dia tsy azo ampandrenesina na iza na iza fa afemina (1). Ny  
mpanjaka-paritany ihany no andefasana iraka mangina hira hoe "mampandrenesina anareo  
fa mifanambady ny mpanjaka ka...". Raha samy mihazo f ampandrenesana toy izany daholo  
ny mpanjaka eran'ny faritany dia samy mianga mankeny avato Kenivohitra. Amin'ny mi-  
sasaka-alina vao entina halevina ny hazana raha avy nampandroina ny mampitafina an-  
mohatsiana ny volony. Tsy lanjaina izy fa trotroina ambara-pahatonga any an-pasana,  
ary ny mandevina dia ny mpanjaka eo an-dkenivohitra sy ny avy any amin'ny faritany  
ihany. Tsy misy mahita na mandre na ny eo an-toerana na ny any ivelany. Na ny vady  
aman-janaka na ny fianakaviany dia tsy misy mihazo mitomany na mampiseho toetra ho  
manan-panjo. Izany fanginana izany dia maharitra aman-taonany maro ambara-pijoroan-  
zananilahy hanao lanonana ho fahatsiarovana sy ho fara-fanaovam-beloma any ary amin'  
ny fotoana anaovana ny lanonana vao lazaina ampahibemaso amin'ny vahoaka ho niamba-  
ho ny mpanjaka. Na dia mbola minono aza ny zananilahy dia izy no andrasana hanao ny  
lanonana sy hasolo an-dkainy. Mandritra ny fotoana andrasana ny fahalehibiazan'ny  
zanakalahin'ny mpanjaka anefa dia mifidy olona anankiray eo amin'ny foko misy azy  
ireo namany hiandraikitra vonjimaika ny raharaham-pitondrana eo amin'ny firenena.

Ity lanonana sy ny fanandratana ny mpanjaka vovao. - Ny zanakalahin'ny mpanjaka an-  
mandefa iraka hazana ny mpanja-  
ka sy ny vahoaka eran'ny faritany manontolo. Behafa tafavory daholo ny masaina rebe-  
tra dia manomboka ny lanonana amin'ny tolak'andron'ny andro voatokana. Mitsangana  
eo atsinanana-Tranon'ny mpanjaka izay niomboho ny manao hasolahy roa lalany ary mije-  
ro eo koa ny mpanjaka anankiray na ilay hiandraikitra vonjimaika ny raharaha, mite-  
ny amin'ny mpanjaka sy ny Loanaka ary ny vahoaka hoe : "aminareo izay vory eto, na  
mpanjaka, na Loanaka na vavy na lalany, tsy ankanavaka, ilaz'na hianareo ho ny mpanja-  
ka ka... dia niomboho temin'ny taona ..., koa amin'izany, mihatsiaro any ny zananila-  
hy ka hanao lanonana ho fahatsiarovana sy ho fara-fanaovam-beloma any manomboka  
amin'izao andro tolak'andro izao. Manaraka izany, raha nandinika sy manaribary iza-  
ny mpitondra, izay nametrahanao ny fitokisanareo na ny eto avato na ny avy any  
ivelany manevana ity faritanintsika ity, dia mbola ... zananilahy izay mitarika  
ity lanonana ity no lanin'ny maro hisolo toerana an-dkainy."

Behafa vita izany dia mitsangana koa ny mpanjaka anankiray avy any ivelan'  
ny Kenivohitra mamaly manao hoe : "Marina ny tenineo, ary misactra anao, antatoavia-  
ny tsy misy reorao izany, tsy misy manolana izany izahay reotra izay tonga eto,  
mandritra an-dk... tokoa ny hisolo toerana an-dkainy noho izao fahatsiarovany sy ny  
itaribany ity lanonana ity izao ho fara-fanaovam-beloma azy." Izany lanonana izany  
no etao hoe MANDRATY.

Raha avy miteeny toy izany io mpanjaka avy any ivelany io dia miha eo any  
anankiray ny namany ao an-Tranonahy (2), (ny atao hoe Tranonahy dia trano anankiray,  
r ha adika dia annexe-n'ny Tranon'ny mpanjaka izay mifanandrify aminy eo atsinanany).

---

(1) Amin'ny andro taloha raha misy mpanjaka'ny faritany anankiray miomboho ka reo'  
ny besinimaro dia tonga ny manodidina manararaotra izany manafika, mandroba sy  
manombo ny Lorenana ao.  
(2) Ity Tranonahy dia misy eran'ny faritany manontolo.

Ary eo dia miantso an'i Zanahary sy ny hazana ilay niteny voalohany teo anelanelan'ny hoe : "Any hianao Zanahary, hianareo hazana, miantso anareo izahay fa indro ... hiandry faty ny Rainy, tahionareo izy ho tsara, ho soa, nba hahavite ity fian-drasona ny Rainy ity hatramin'ny farany!" Lehefa vita izany dia hoy indray izy : "Any hianao ... mahatsiaro anao ny zanakalahinao ka hiandry sy hianao fara-famoizana anao. Tsy ahita olon-kafa hasolo anao izahay fa izy zanakalahinao ibany no mbola lamiay noho ny fahendreny sy ny fahamarinany izay hitanany sy ny vaho ka fa mendrika ity fanjakan' nentinao ity, t'hio sy omeo hery izy ary halavao andro iainana eo amin'ny toeranao izay hametrhanany sy henosoranany ary ankehitriny." Laha vita izany fangetaham-pitohiana izany dia velezina ny hazolahy, izay vao mitomany ny fiananoviana rehetra ary io andro io no farany ahavian'ity npanjaka vaovao ity mitomany satria ny npanjaka Zafisoro rehetra dia tsy mahazo mandatsa-dronomaso mihitsy na amin'inona na amin'inona.

Andritra ny lanonana anefa dia mbola ao an-Tranondahy ny npanjaka vaovao sy ireo namany no mipetraka ary tsy maintsy andro Zoma vaky andro (1) izy vao mivoava ka io Tranondahy io, otronin'ireo npanjaka rehetra hiditra ao an-Tranon-dRainy.

Lehefa hifarana ny lanonana amin'ny andro Zoma voalasa ary aloha dia toy izao ny hivoahana ny Tranondahy sy hidiran'ny npanjaka vaovao ao an-Tranon-dRainy : miara-milohatra ny npanjaka rehetra, ny npanjaka ambony enin-dahy no loka-laharana ary ilay vao besandratra no aloha indrindra, izay vao manar ka ny npanjatan-peritany, sary miakanjo lava (2) ary mitafy lamba arindrano; ny npanjaka ambony enin-dahy ihany no hianao SOFO (3) sy mielo mainty amin'izany, olona enin-dahy hafa koa no mampielo ary sy mitana ny elony tsirairay, ny mpively hazolahy sy ny mpitsoka antsiva avy ato aoriana indrindra.

Ary ao ambaravarana atsinanana ireo npanjaka ireo no miditra, tohatra no iafaranany any an-Trano ka rehefa tafiditra izy ireo dia samy maka toerana izay efa nomanina ho azy tsirairay avy.

Marihina fa amin'ny hivoahana'ny npanjaka ny Tranondahy sy ny an'aloany eo antokotany dia mandeha miadana dia miadana tokoa izy rehetra, velezina ny hazolahy, tohina ny antsiva; etsy andaniny ny vehivavy rehetra na be la hoky mihira marao hoe : "Braradreny e ! npanjakanany e ! Braradreny e ! Farasoly nity e ! Braradreny e !" (4), avonimberina amin'ny feo manery dia mchery izany hira izany, arakin'ny feon'ny antsiva sy ny hazolahy, ambara-pohatafiditr'ireo npanjaka ireo ao andapa.

Lehefa tafiditra soa aman-tsara ary efa samy mahazo toerana taholo ny npanjaka dia avoaka ny toaka enina tavoahangy (tsy maintsy litatra ny tavoahangy amin'izany), roa tavoahangy isany avy amin'ny foko telo iaraha-misotro. Ary mbola mitso-drono ny npanjaka vaovao ireto namany sy maneho ny hafliany noho izy tafita soa aman-tsara eo an-Tranon-dRainy fa tsy nianjera tamin'ny tohatra niakaranany.

Misy koa vehivavy enina mitondra vary fotsy enina saha fa atao fanatitra ho an'ny npanjaka vaovao avy amin'ny foko telo ho fahatsiarovana sy ho fangetaham-pitohiana avy amin'ny hazambeny enin-dahy TLO LANY zanak'i SOLONNY.

- 
- (1) Tokony ho amin'ny sivy ora maraina.
  - (2) Vita amin'ny lamba landy fotsy arifomba, vita tenona malagasy tamin'ny andro taloha.
  - (3) Lambanena atao solon-tsatroka, tahak'ireny an'ny Arabo ireny, eto ny SOFO dia satroboninahitra.
  - (4) Io hira io dia tsy azo atao mihitsy raha tsy amin'ny fanandratan'ny izay ho isan'ny npanjaka ambony enin-dahy ao an-ditenivohitra.

Behafa izany dia mihira indray ny vehivavy manao hoe : "O ! andrenay e Faranjoma!" (1), averimberina matetika amin'ny feo mahery arakin'ny hazobidy sy ny antsiva koa izany hira izany ho mari-pifaliana fa efa voahosotra sy efa tonga eo amin'ny toerany ny mpanjaka vaovao.

Dia mbola mitohy ihany ny korôna maro samy hefa sy ny kilato isan-karazany mandritra io andro Zoma io, ary amin'ny Sabotsy maraina vao moody daholo ny vahiny sy ny mpanjakam-paritany otronin'ny ankohonany avy.

Mandritra ny lanonana dia tsy voafetra loatra ny isan'ny omby vonoina ho lami'ny vahoaka fa ny hany azo lazaina kosa dia mamono omby isan'andro ny mpivory ary hana azy azy tsara ny laoka ambare-pahatapitry ny lanonana (2), fa amin'ny fifaninan'ny lanonana vao misy omby roa ambin'ny folo, roa avy amin'ny omby-dahy tsirairay no vonoina indray mandeha hozarazaraina amin'ny vahoaka ny hana vao samy moody azy amin'ny fonenany avy.

Toy izao ny fizarana ny hana : ny vodihena enina dia an'ireo mpanjaka ambony omby-dahy ao Ivato Benivohitra; ny vodihena enina tavela sy ny fanangany an'ny mpanjakam-paritany sy ny mpanjakam-pokonolona. Ny hana sisan'ireo dia an'ny vahoaka, na ny omby mbola minono aza dia samy manana ny anjarany daholo.

Raha tahiny ka tsy manan-janakalahy ny mpanjaka izay miomboho na manana ihany fa tsy mendrika ny toeran-draiby dia azo fidina hasolo azy ny rahalahiny na ny zanadrahalahiny araka izay lami'ny maro. Ny fomba fanandratana azy dia mbola tahany ny voalaza azy ambony ihany.

Marihina eto fa ny zana-levavy, ny zanak'anabavy, ny vinantolaky dia tsy nahazo mandava fanjakana eo amin'ny Zafisoro.

D. - Raha sanatria ireo mpanjakam-paritany na Lonaka ireo no misy miomboho dia toy tahany ny enin-dahy izay miandry ela ny fanaovana lanonana momba ny fandevenana azy fa toy izao : Amin'ny andro ahafitesany dia tsy misy mahazo mitomany ny fianaka rany rehetra raha mbola ao an-trano ny razana, amin'ny disasak'aline izy vao entina halevina, lanjaina ihany izy fa tsy trotroina, ary ny filanjana azy dia hazo botolo sahaja amin'izany brancards irey, tsy dia atao lehibe loatra fa oha tokony hahitana azy ihany. Apetraka eo ambonin'io brancard io ny tohatra ampiray izay ametraka ny razana, avy eo dia apetraka mitsivalana ambonin-na hazo roa hefa indray ilay brancard nafatotra amin'ny tohatra misy ny razana, izay vao entina halevina izy. Behafa tonga eo amin'ny toerana fijanonana ny mpandevina dia miala sasatra kely ary tsofina ny antsiva ; ny razana amin'izany apetraka eo mandritra ny fialan-tsasatra, ka raha nahare ny feon'ny antsiva ny ao an-tanàna vao samy mitomany daholo.

Raha vita ny fandevenana vao manao lanonana ny vahoaka, tarika ny zananelaky na ny zanadrahalahiny. Raha manan-janakalahy izy ka lami'ny folo misy azy io zananelaky io, indrindra fa izy no mitarika ny lanonana an-draiby, dia izy ihany no asolo azy; fa raha tsy mendrika kosa dia mifidy izay tokony hasolo azy ny ankohonany na ny rahalahiny na ny zanadrahalahiny ka izay lami'ny besinimare no tendrena. Ny fomba fanandratana azy dia tahany ny voalaza azy aloha ihany fa ireo hira roa ireo ihany no tsy azo atao ary tsy misy manao Soto ny mpanjaka rehetra manatrika ny lano-

(1) Io hira io koa dia tsy azo atao raha tsy amin'ny fanandratana mpanjaka ambony omby-dahy.

(2) Talohan'ny fanjanahantany dia naheritra ambolana mihitsy sy mandanian-bola be io lanonana io, nefa taty aoriana, tamin'ny andron'ny Fanjakana Frantsay, dia noferana ho herinaandro.

nana. C. - Raha olon-tsotra no maty nefa lahy antitra, dia alevina aline ihany koa. Ny fitondrana ny razana alevina sy ny filanjana azy ary ny fomba-fomba momba ny fandevenana dia tsy misy hafa ny an'ny mpanjakam-paritany ihany, ary ivorian'ny mpampaha eo an-toerana koa. Raha vita ny lanonana dia ny zanany lahimatea no mandova ny toerany, amin'ny fomba tsotsotra anefa no idirany ny Tranon-diainy sy andraisany ny andraikiny fa tsy tahaka ny an'ny mpanjaka.

Marihina koa fa na dia olon-tsotra no maty aza ka halevina aline, indrindra fa lahy antitra, dia tsy maintsy amonoana ombilahy anankiray eo andrefan'ny Tranobe misy ny razana vao avoaka izy entina halevina, izany omby voncina izany no atao hoe LISSA.

D. - Raha lahimatea no maty nefa mbola velona ny roy amandraniny, dia amin'ny asneso akoho no andevenana azy. Azo itomaniana ihany io na dia mbola eo an-tanàna aza ny razana. Ny fitondrana ny faty alevina dia lanjaina amin'ny fitantonana tsotra ihany fa tsy asiana tohatra tahaka ny an'ny lahy antitra. Misy dikarà ombilahy ihany koa io, izany fandevenana izany no atao hoe LISSA.

E. - Raha vavy antitra na vavimatea no maty dia SANDOKY no emaran'ny filanjana azy alevina, toy izao izany sandoky izany : kapaina ny hazo lahibe anankiray ary atao tsy misy hafa amin'ireny farefara fitoriana ireny, nefa tsy asiana tongony, ka atao misy mihotra tokony ho efapolo santimetatra eo ho eo aloha sy aoriana kabasoana milanja azy. Ny tovolahy mpardevina no manao izany any ivelan'ny tanàna. Mitondra omby anankiray izy ireo ho vonoiny eny an-toerana ka raha vita ny sandoky dia hosorany amin'ny rà'n'io omby io, ny hena tokony ho azy isao dia zaraina eny satria eny izy ireo no misakafa ary ny hena ivelan'ny anjerany dia entina miakatra any an-tanàna. Raha voahosotra rà'n'omby ny sandoky ka efa avy nisakafa ireto tovolahy ireto dia tonga ny vehivavy avy ao an-tanàna mihira mitsena azy ary tsy mijanona izany hira izany anbara-pahatongan'ny sandoky ao an-trano misy ny Razana. Raha tafiditra ny sandoky dia apetraka eo amboniny ny faty. Ampitson'io dia entina halevina ary tsy maintsy amin'ny tolak'andro.

Tsiahivina eto fa misy ihany koa lehilahy anaovana sandoky raha tehinny ka tsy atao LISSA, nefa tsy dia matetika.

Ny fitondrana ny sandoky vao vita avy eo amin'ny toerana anaovana azy, ka ho entina miakatra ho any an-tanàna, dia tsy entina maramora fa ifanosehana sy ifanintonan'ny tovolahy sy ny tovovavy matanjaka; dia toy izany koa ny fitondrana ny Razana alevina anbara-pahatongany eo amin'ny toerana fialantsasatra, io toerana io no atao hoe ampilignesandratsy. Tsy dia ny faty anaovana sandoky rehetra no ifanosehana sy ifanintonan'ny zatovo matanjaka toy izany fa ny vavy antitra ihany koa.

Ny Sandoky dia tsy misy dikarà intsony satria efa voasolon'ny omby novonina toy amin'ny toerana nanamboarana azy ny omby tokony hatao isany.

F. - Raha tovolahy, tovovavy na ankizy no maty dia tsy maintsy amin'ny tolak'andro no atao ny fandevenana azy. Ny filanjana azy dia atao sabala amin'ireny brancards isany ihany ary hazo kapaina indray andro alohan'ny hahafateana. Ny tapatapa-kazo sy ny potipotiky ny hafotra sisa nanamboara azy dia angonina ary ariana amin'ny toerana anankiray voatokana. Io toerana io no atao hoe ampagariampady, izay misy isan-tanàna manerana ny faritany.

Raha lehilahy no maty, na mbola ankizilahy kely aza, dia lehilahy no mam-pandro azy, manety ny volony ary mampitafy azy ; ka raha vehivavy hosa no maty dia vehivavy koa no mam-pandro azy, mandrandrana ny volony ary mampitafy azy.

3. - Raha vehivavy avy any an-tanàn-kafa no maty ary fasana hafa no ile-venany, dia ao an-TRANOBE na LOHKA misy ny vadiny ny razana no anrasana, ka raha tonga ny andro hantsevanana dia mpandevina ao amin'ny fokon'ny vadiny no mitondra ny rehetra avy ao an-tanàna aloha, ary rehefa tonga eo am-povoan-dalana vao mandray azy ny avy amin'ny foko nihaviany sy mitondra azy halevina any an-pasandrosany. Fa raha iray fasana kosa ny mpivady dia miara-mandevina ny foko roa tonta.

Marihina fa ny vehivavy Zafisoro dia tsy milevina an-pasan-badiny.

Iy fatin'ny mpanjaka, na olon-tsotra izy nefa lahy antitra, izay faty alevina alina rehetra, dia apetraka eo andrefam-patana, tsanganana tsihy HOBA (1) rehefa avy nampandroina sy nohetezana ary nampitafiana, ambara-pitondrana azy halevina ; fa ny faty alevina antoandro kosa, na lahy na vavy dia apetraka eo am-povoan-trano rehefa avy nampandroina, nohetezana na norandr'nina sy nampitafiana ambara-pitondrana azy halevina.

Iy zazalahy tsy mbola vita fora dia didiana eo ambaravarana-pasana vao azo ampilirina, ny tovolahy mpandevina ihany no manao izany.

Iy ankizy hatramin'ny telo volana no ho miakatra no azo alevina an-pasana, fa raha mbola latsak'izany kosa dia alevina amin'ny toerana voatohana anankiray izay tsy lovitra ny tanàna. Io toerana io dia misy isan-tanàna hatramin'ny fahagola ary antanana kosa ny ala torak'ireo fasana lohibe voalaza ery ambony ireo, izay ampihara-na kosa ny lalàna mifchy izay tratra manimba azy. Amin'izany ala izany no hokana hoso anaoavana ny filanjam-paty rehetra eo an-tanàna afa-tsy ny sandoly.

Iy dikarà dia tsy voafetra ny omby hanaovana azy raha ny amin'ny faty alevina antoandro, nefa tsy maintsy misy ary tsy maintsy atao, fa ny mpanjaka sy ny lahy antitra no voafetra ho ombilahy ihany.

Mandritra ny lanonana misy manjo, na faty alevina alina, na alevina antoandro, na mpanjaka na olon-tsotra, dia misy fandoavam-bola atao. Iy zanaka aman-jafin'ny vehivavy rehetra nivoaka avy amin'io fianakaviana mana-manjo io no mandoa izany vola izany ; na zafy fahatelo na mihoatra izany aza ka nivoaka avy amin'ny vehivavy taranak'io fianakaviana io dia mbola voafehin'izany lalàna izany avokoa. Atao lasitra izy ireo isaky ny misy toy izany mba hifankaf'ntarano, ary tsy hana-dimor'ny taranaka fara mandimby ny nihaviany. Iy vola voangona amin'izany, anaka-ranana mpanao kilalao na seiry mandritra ny lanonana ; fa raha kristiana kosa no maty dia ividiana kafe sy siramamy ho entina miari-tory. Izany no etao hoe : Fandoavam-bola ambony tragnambo, ny nahatonga izany anarana izany dia satria eo am-pototry ny rihana no ipetrahan'ny mpanandray ny vola sy mpanoratra ny anaran'ny mpan-doa vola rehetra, (ny rihana moa dia tragnambo no anononan'ny Zafisoro azy, ka raha adika izany dia toy izao : fandoavam-bola eo am-pototry ny rihana).

Ireny taranaka avy amin'ny vehivavy ireny dia amin'ny loak'andron'ny nandovonana vao samy mahazo miparitaka satria ho setrin'ny vola naloony dia manome omby iray ho azy ireo koa ny mana-manjo hovoncin'ny ka avy mizara ny hana izy ireo vao samy moody any amin'ny toerana misy azy avy.

Iy momba ny maty rafozana, na rafozan-dahy na rafozan-bavy, dia tsy maintsy mandoa omby iray ny lehilahy Zafisoro ho entina manao ny fandoavonana anolo ny efa voalaza any aloha ; fa momba ny vinantovavy kosa dia toy izao : mitondra tsihy hafeo voahingo madio sy miloko tsara tarehy tsirairay ny vinantovavy rehetra hampia-

---

(1) Iy HOBA dia fiandohana satria teo no niterahan-dreniny azy, ka raha antitra no maty dia avy eo koa no amaranany ny fivahiniany teto an-tany.

rahina amin'ny lamba hanoosana azy. Na rafozan-dahy na rafozan-bavy no mety, miaramanano randrahana fisaonana tahaka ny mpianakavy rehetra ihany izy ireo, nefa ny man-piavaka azy dia izao : fehezina harena ny lohan'izy ireo mandritra ny lanonana ho mari-bominahitra eo natrehan'ny vahoaka fa vintovavy nahalevin-drafozana izy ireo.

TSARA HO FANTATRA.

no famranana dia averina eto fa ny Zafisoro dia "FOKO" iray ihany ary mbola nivondrona ho "IRAY" amin'izao andro iainantsika izao.

Io "FOKO IRAY" io no nizara ho TLO TLOAY satria telo ny TLOAY na RIBO nisy azy, izany hoe : TLO IRAY.

Ireo TLO TLOAY ireo dia nizara enina, satria enin-dahy ny zanak'i SORO-NAY niteraka azy.

TENY FANTATRA.

Araka ny efa voalazanay ary an-piandohana dia tsy voasoratra hatramin'ny voalohan'ny tantaran-drazana Zafisoro fa noraisina ara-dovan-tsofina, ka noho izany dia misy zava-droa loha mbola indrian-kevitra amin'izao fotoana izao, dia :

1/ Ny tena anaran'i SORONADY marina satria tahaka ny anarambosotra io, no nahatonga izany dia saika izay zavatra ataon'ilay olona na manevanana azy na kileman'ny aza dia manjary anarany, ka raha hazavaina dia toy izao no nahatonga io anarana io : SORO raha adika amin'ny teny m'lagasy voasoratra dia : SORONA.

SORO raha adika amin'ny fiteny avy any ambany andrefana dia : milatsaka an-tsehatra na manao sorona ny tenany, dia mazava ho azy fa noho izy lehilahy tia ady no nahatonga ny anarany ho SORONADY, ary tsy niamboho fehavelo mihitsy.

2/ Tsy fantatra marina izay teny nahafatesany na nilevenany, ny sasany milaza fa any marohefy no nilevenany, ny sasany kosa milaza fa any amin'ny faritanin' i maro-piika no nilevenan'izy sy Rahotrihy zanany lahimatea, karaobato (harambato) no nofidiny ilevenany ary nanafarany ny zanany rehetra; dia nanafatra ny zanany koa Rahotrihy fa hilevina amin'io karaobato nilevenan-dainy io, ary dia notenterahin'ny zanak'i Rahotrihy koa izany hafatra izany.

Dia niara-nilevina ao amin'izany karaobato izany ary izy mianaka ka izany no nahatonga ny anaran'ny taranak'i Rahotrihy lahimatea hoe RAZAKA, koa dia ialàny tsiny izany raha toa ka tsy mazava.

Pejy tsy ao hañinoana.

1788-1936

Araka ny famelabelarana nataon'ny Raibeko, mampitovy I tamiko dia izao no nolassin'ny tamiko fony izaho mbola kely, tamin'ny taona 1929, valo taona aho tamin'io.

Tomony ho 23 taona talohan'ny nahatongavan'ny ireka nalefan-d'adama I hiasa taty nahamenina no nahavitan'ny ady farany tamin'ny Antefasy sy ny Zanasisirana tao Amboromaneno. Iza avy ny anaran'ny lehilahy mahery Zafisoro mandresy ny Antefasy sy ny Zanasisirana tamin'izany, izay mba tsaroako :

1. Lakamena - 2. Tsaranando - 3. Renady - 4. Ndrianovy - 5. Komila - 6. Retsitcnilaza.
  7. Faovy - 8. Beraoky izay atao hoe Papango - 9. Levôtry - 10. Isbanilanga.
- Ireo foko tsy ireo no mba tsaroako ary mazava fa avy amin'ny foko telo zanak'izy enin-dahy zanak'i Soronady avokoa izy ireo.



Tamin'ny taona 1938, izany hoe 150 taona taty aoriana dia tantely amambalona no azo ilazana ny tantaran'ny Zafisoro, dia izao :

1/ Taona 1938 no nitokanan'i S. Ex. Monseigneur Sévat Avohan'i Fort-Dauphin ny sekoly Katolika tao Tangainony.

2/ Taona 1938 no niorina ny fasona Kristiana Loterana izay nosahanin'ny Kristiana Loterana ao Mahafasa sy mahavelo.

3/ Taona 1938 no niorina voalohany ny Birton'ny Kantao tao Tangainony izay namin'ny ao Mahafasa ankehitriny taorian'ny tabataba 1947.

4/ Taona 1938 no nisamborana sy nampigadrana voalohany ny Zafisoro tia tanindrazana, ireto ny anaran'ny Lohandohany t min'izany :

1. BÉNE Simon - 2. BÉNE Joachin - 3. Badalson Augustin Tsiverinasy - 4. Tena-ny Jean Baptiste - 5. Masary Pasteur - 6. Kazafy izay atao hoe Zafikoly - 7. Benify - 8. Tasafy Augustin - 9. Raobinera - 10. Tsiloapango - 11. Taboloha Jean Pierre, sy ny sisa tsy voatonona eto, ary marihina fa tsy naka avy amin'ireo lehilahy mahery voatonona anarana ery ambony daholo izy ireo. Nampangaina ho Communistes no antony nisamborana sy nampigadrana azy 11 mianaka ireo.

Ity Administrateur Paton François, lehiben'ny Distrikan'i Farafangana tamin'io fotoana io no nisambotra sy nampigadra ireo tia tanindrazana ireo. Ary mare t min'izy ireo no novonoin'ny mpanjanatany t min'ny taona 1947, araka ny efa voalazanay ary aloha.

Farany, hita amin'izany ary fa tsy maty tao am-pon'ny Zafisoro nandritra ny taona maro ny firehitry ny afen'ny fitiavan-Tanindrazana.

Ity tantara ity dia natao ho filan-kevitra fa tsy azo adika na ampitoboina raha tsy amin'ny alàlana avy amin'ny mpanoratra irery ihany.

Antananarivo, 18 Septembre 1974

MAMPI TOVY Antoine.

-----oo000-----